
جمعية خدمة المحتوى الإسلامي باللغات

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com



# Famintinana ny fomba fanaovana ny Omrah sy ny lalàna mamehy

Malagasy

ملغاشي

## Famintinana ny fomba fanaovana ny Omrah sy ny lalàna mamehy azy

Dera anie ho an' Allah, Tompon'izao tontolo izao, ary ny tso-drano sy ny fiadanana ho an'ny Mpaminani-tsika Mohammad sy ny fianakaviany ary ny mpiara-dia aminy rehetra. Dera anie ho an' Allah, Tompon'izao tontolo izao, ary ny tso-drano sy ny fiadanana ho an'ny Mpaminani-tsika Mohammad sy ny fianakaviany ary ny mpiara-dia aminy rehetra.

**Aorian' izany :**

Ity dia hafatra fohy momba ny fomba fanao sy fitsipika ary fitondran-tena amin'ny Omrah, izay niezahinay hazavaina ao aminy ny ankamaroan'ny zavatra ilain'ny mpanao Omrah.

Mangataka amin'Allah izahay mba hanaovany izany ho feno fahadiovam-po ho Azy tokona, ary mba hahasoa ny Miozolomana rehetra.

**Komitin'ny Siantifika ao amin'ny Fikambanana Islamika momba ny serivisy momba ny votoaty amin'ny fiteny**

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

شركاء التنفيذ :

دار الإسلام | بيان الإسلام | رواد التراجم | المحتوى الإسلامي

يتاح طباعة هذا الإصدار ونشره بأي وسيلة مع الالتزام بالإشارة إلى المصدر وعدم التغيير في النص


Tel : +966 50 244 7000
info@islamiccontent.org
Riyadh 13245-2836
www.islamiccontent.org

# Voalohany: Fepetra takina mba havoaray ny fanompoana

## Ny fanompoana dia tsy eken'Allah raha tsy mahafeno fepetra roa :

### Ny Fahadiovam-po (Ikhlâs) :

**Izany dia hoe fanaovana fanompoana ho an'Allah irery sy mikatsaka ny fiainana any ankoatra.**

Hoy Tompo Allah:

﴿وَمَآ أُمِرُوٓاْ إِلَّا لِيَعۡبُدُواْ ٱللَّهَ مُخۡلِصِينَ لَهُ ٱلدِّينَ حُنَفَآءَ﴾،

"Ary tsy nasaina izy ireo afa-tsy hanompo an'Allah amim-pahadiovam-po, ho an'ny finoana marina[1]" (Al-bayynat:5).

Ary nilaza ny Mpaminany (SAW) hoe :

«إِنَّمَا الْأَعْمَالُ بِالنِّيَّاتِ، وَإِنَّمَا لِكُلِّ امْرِئٍ مَا نَوَى».

"Tsy misy asa afa-tsy miaraka amin'ny fikasana, ary ny tsirairay dia mahazo izay nokasainy."[2]

### Fanarahana ny Mpaminany (S.A.W)

**eo am-panaovana azy na amin'ny fiteny na fihetsika, nilaza ny Mpaminany (S.A.W) hoe :**

«مَنْ أَحْدَثَ فِي أَمْرِنَا هَذَا مَا لَيْسَ فِيهِ فَهُوَ رَدٌّ»

"Izay namorina zava-baovao amin'ity finoanay ity nefa tsy ao anatiny dia haverina aminy."[3]


Ary amin'ny tatitra hafa notaterin'i Moslimo (1718):

«مَنْ عَمِلَ عَمَلًا لَيْسَ عَلَيْهِ أَمْرُنَا فَهُوَ رَدٌّ».

"Izay manao asa tsy mifanaraka amin'ny sori-dàlanay dia averina aminy izany"[4]



1- Midika izany: miatrika Azy sy amin'ny fanompoana Azy irery, ary manamboho ny rehetra hafa ankoatrany. Tafsir As-Sa'di, (p. 538)
2- Notantarain'i Al-Bokhari, Laharana (1), sy Moslim, Laharana (1907).
3- Notantarain'i Al-Bokhari, Laharana (2697), sy Moslim, Laharana (1718).
4- Natantarain'ny Moslim, laharana (1718).



# Faharoa : Ny didy momba ny fianarana **ny fombafomba sy ny fitsipiky ny Omrah**

Tokony hianatra ny fomba fanaon'ny Mpaminany (S.A.W) amin'ny fanompoana izay rehetra mikasa hanao izany ho an'Allah, mba hifanaraka amin'ny sonnat (fomba nentin'ny mpaminany) ny fanaovany azy, Ny Mpaminany (S.A.W) dia namporisika hatrany ny olona mba hanaraka azy sy handray ny fahitsiana avy aminy; Hoy i Màlik ibn Al-Howayrith (R.A) : Niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe :

«صَلُّوا كَمَا رَأَيْتُمُونِي أُصَلِّي».

"Mivavaha tahaka ny nahitanareo ahy mivavaka ianareo."[5]

Hoy koa i Jàbir (R.A) :

«رَأَيْتُ النَّبِيَّ صلى الله عليه وسلم يَرْمِي عَلَى رَاحِلَتِهِ يَوْمَ النَّحْرِ وَيَقُولُ: لِتَأْخُذُوا مَنَاسِكَكُمْ، فَإِنِّي لَا أَدْرِي لَعَلِّي لَا أَحُجُّ بَعْدَ حَجَّتِي هَذِهِ».

"Hitako ny Mpaminany (S.A.W) nanao ny fitoraham-bato teo ambony biby fitainginy tamin'ny andron'ny Nahr (faha folon'ny volana zol-hajj) ary hoy izy : 'Raisinareo amin'ny fomba fataoko ny Hajj-nareo, fa mety tsy ho afaka hanao Hajj intsony aho aorian'ity."[6]

5- Notantarain'ny Al-Bokhari, laharana (6008).
6- Notantarain'ny Moslim, laharana (1297).

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

## Fahatelo : Ny maha zava-dehibe ny Omrah

Ny Omrah dia misy fahasoavana roa: **ankapobeny sy manokana**

### Fa ny ankapobeny dia :

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horairah (R.A), niteny ny Irak'Allah (S.W.A) manao hoe :

«الْعُمْـرَةُ إِلَى الْعُمْـرَةِ كَفَّـارَةٌ لِمَـا بَيْنَهُمَـا، وَالْحَـجُّ الْـمَبْرُورُ لَيْـسَ لَهُ جَـزَاءٌ إِلَّا الْجَنَّـةَ».

(Ny Omrah ka hatramin'ny Omrah manaraka dia mamafa ny ota manelanelana azy ireo, ary ny Hajj madio izay ekena dia tsy misy valisoa afa-tsy Paradisa.)[7]

---

Tatitra azo avy tamin'i Abdollahi bin Mas'òd (R.A) : Niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe :

«تَابِعُـوا بَيْنَ الْحَـجِّ وَالْعُمْـرَةِ، فَإِنَّهُمَـا يَنْفِيَـانِ الْفَقْـرَ وَالذُّنُـوبَ كَمَـا يَـنْفِي الْـكِيرُ[8] خَبَـثَ الْحَدِيـدِ وَالذَّهَـبِ وَالْفِضَّـةِ، وَلَيْـسَ لِلْحَـجِّ الْـمَبْرُورِ ثَوَابٌ إِلا الْجَنَّةُ».

(Ampanaraho ny Hajj sy ny Omrah, fa manaisotra ny fahantrana sy ny fahotana izy ireo tahaka ny fanalan'ny afon'ny fanefena ny fahalotoana amin'ny vy sy ny volamena ary ny volafotsy ary tsy misy valisoa ho an'ny Hajj mdio afa-tsy ny Paradisa.)[89]

---

### Ary ny manokana dia ny amin'ny Ramadany :

Araka ny nambaran'i Ibn Abbas (R.A) nilaza ny mpaminany (S.A.W) manao hoe :

«عُمْرَةٌ فِي رَمَضَانَ تَقْضِي حَجَّةً مَعِي»[10].

"Ny Omrah amin'ny Ramadany dia mitovy amin'ny Hajj miaraka amiko".[10]

7- Notantarain'i Al-Bokhari, Laharana (1773), sy Moslim, Laharana (1349).
8- Notantarain'i Al-Tirmizi, Laharana (810), sy Nasài, Laharana (2631).
9- Ny toerana misy ny afon'ny mpanefy vy sy mpanefy volamena. Fampidirana nataon'i Ibn Abdol-Barr (15/102)
10- Izany hoe : Mitovy amin'ny hajj miaraka amiko, araka ny voalaza ao amin'ny tatitra hafa.

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

# Ny fomba fatao amin’ny Omrah



# Voalohany : Fitsipika mahakasika ny "Mawaqit"

**Ireo Mìqàt :** dia ny toerana nofaritan'ny Mpaminany (S.A.W) tsy maintsy hitafiana ny lamban'ny 'IHRAM ho an'izay te hanao Hajj na Omrah.

---

Izay mandalo amin'ny iray amin'ireo toerana ireo ka manana fikasana hanao Hajj na Omrah dia tsy maintsy miditra amin'ny Ihràm amin'izany toerana izany, ary tsy azo atao ny mandika izany raha tsy efa mitafy IHRAM.

---

Izay mipetraka akaiky kokoa an'i Makkah noho ireo mìqàt ireo dia manao Ihràm amin'ny toerana misy azy.

---

Raha ny mponin'i Makkah kosa sy izay te hitafy Ihràm avy ao aminy : Raha hanai Hajj, dia mitafy Ihràm ao Makkah ihany. Fa raha hanao Omrah kosa, dia tsy maintsy mivoaka any ivelan'ny faritry ny Haram ka mitafy Ihràm avy any, toy ny ao Tana'ìm sy toerana hafa mitovitovy amin'izany.

Izay ao anaty fiaramanidina dia tsy maintsy mitafy Ihràm rehefa mandalo amin'ny toerana mìqàt, tokony hiomana mialoha sy hanao lamban'ny Ihràm alohan'ny hahatongavana amin'ny toerana misy mìqàt, Raha vao tonga eo amin'ny toerana mìqàt, dia manao fikasana Ihràm avy hatrany. Tsy azo atao ny manemotra izany mandra-pahatongany eny amin'ny seranam-piaramanidina, mba hisorohana ny mety ho fahatarana, dia azo atao ny manao talbiyah (fidirana amin'ny Ihràm) mialohan'ny fahatongavana eo amin'ny mìqàt, noho ny hafainganan'ny fiaramanidina ka mety tafihoatra toerana tokony hanaovana izany.



# Faharoa: Ny fitafiana Ihràm sy ny lalàna mamehy azy:

## Zavatra atao alohan'ny fitafiana lamban'ny Ihràm :

**Ny fandroana:** Fomba amam-panao voaporofo ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy, na dia amin'ny fotoan'ny fadimbolana sy fahaterahana aza.

---

**Ny fanaovana ranomanitra ho an'ny lehilahy,** dia azo ampiasaina na menaka manitra tsara indrindra, toy ny menaka ò'd na hafa, atao amin'ny loha sy volombava. Raha mbola mitoetra amin'ny vatana izany aorian'ny Ihràm, dia tsy misy olana, ho an'ny vehivavy, dia tsy azo atao ny mampiasa ranomanitra na menaka manitra misy fofona, mba tsy ho tsikaritry ny lehilahy hafa.



**Fanaovana lamban'IHRAM ho an'ny lehilahy,** dia lamba lava manakona ny tapany ambany amin'ny vatana sy lamba amin'ny tapany ambony, ny sonnah dia tokony ho fotsy sy madio na vaovao. Ho an'ny vehivavy kosa, dia azony atao ny manao lamba rehetra, tsy manintona amin'ny haingo, ary izy dia manalavitra ny fanaovana niqàb (saron-tava) sy fonon-tànana (gant), fa kosa azo manarona amin'ny fomba hafa ny tarehy sy ny tànany.

Tsara raha manao Ihrâm aorian’ny vavaka swalat tsy maintsy atao na an-tsitrapo, saingy tsy voatery.

Raha hanao Omrah ho an’ny tenany izy, dia miteny hoe : "Labbayka Allàhomma 'Omrah". Raha manao Omrah ho an’ny hafa, dia miteny hoe : "Labbayka Allàhumma Omrah 'an Folân".

Raha misy olona te hanao Ihràm nefa matahotra fa mety hisy sakana hanakana azy tsy hahatotosa ny fanompoana (nosok), dia tsara raha manao fepetra manokana eo amin'ny Ihràm-ny, ka miteny izy hoe : "Labbayka Allàhomma Omrah, wa in habasani hàbison fa-mahillì haytho habastanì." Raha manao io fepetra io izy, dia raha misy zavatra manakana azy tsy hahatontosa ny fanompoany, dia afaka miala amin’ny Ihràm izy tsy misy tsiny ho aminy.

Aorian’io dia tokony hanao Talbiyah matetika amin’ireto teny ireto : (Labbayka Allàhomma labbayk, labbayka là sharìka laka labbayk, innal-hamda wan-ni‘mata laka wal-molk, là sharìka lak), Ny lehilahy dia tokony hampiakatra feo amin’ny Talbiyah. Ny vehivavy koa tahaka izany, fa kosa tsy atao avo loatra ny feo raha misy lehilahy hafa eo akaikiny. Tokony hanao Talbiyah matetika indrindra eo amin’ny miova toerana na vanim-potoana, toy ny : Rehefa miakatra amin’ny toerana avo, Rehefa midina amin’ny toerana iva ary rehefa hiditra ny alina na ny andro.[11]

11- Dikan’ny teny hoe (Labbayk) : Mamaly ny antsonao aho ry Tompo, ary manohy mamerina izany imbetsaka. Izany dia famalian'ny olombelona ny antson'ny tompony sy fitsatohana ao anatin’ny fankatoavana Azy. "Innal-hamda wan-ni‘mata laka wa-l-Molk". Al-Hamd (fiderana) : Midika ho filazalazana ny fahafenoan'ilay deraina, miaraka amin'ny fitiavana sy fanamboniana Azy. Raha averina imbetsaka izany dia mivadika ho fiderana ambony indrindra (Thanà'). An-Ni‘mah (fahasoavana) : Ny soa rehetra omen’Allah ny mpanompony, na amin’ny fahazoana izay ilainy, na amin’ny fanalana izay manahirana azy. Al-Molk (fanjakana) : Midika hoe Ianao irery no tompon’ny fanjakana, satria Allah irery no Mpanjaka, Tompon’ny zavaboary rehetra. Là sharìka laka (tsy misy mpiombona aminao) Midika hoe : Tsy misy na iza na iza afaka miara-mizara Aminao ireo toetra manokana anananao ry Allah, anisan’izany : Ny fanjakana (Al-Molk) Ny famoronana (Al-Khalq) Ny fandaminana sy fanapahana ny raharaha rehetra (At-Tadbìr) Ny maha-Tompo tokana (Al-olòhiyyah) (Fintinina avy amin’ny Majmò‘ Fatàwà wa Rasàil Ibn ‘Othaymìn, 22/96)


Ny Talbiyah amin'ny Omrah dia manomboka amin'ny fitafina ny Ihràm ka hatramin'ny fanombohana ny Tawàf miodidina ny Kaaba.

Ny olona mitafy Ihràm dia tokony hitandrina mafy mba tsy tafalatsaka ao anatin'ny fandikan-dalàna ireo fepetra mamehy ny IHRAM mandra-pialany amin'izany.

## Fahatelo : Fomba fanaovana Tawàf

Rehefa miditra amin'ny Masjid Al-Haràm ny olona mitafy Ihràm, dia sonnah ny fampidirany ny tongony havanana ary manao ny vavaka fidirana amin'ny moske. Ny vavaka tena mari-pototra amin'izany dia ny : "Allàhomma iftah lì abwàba rahmatik." Io vavaka io dia azo atao amin'ny fidirana amin'ny moske rehetra, fa tsy ho an'ny Masjid Al-Haràm ihany.

Rehefa hanomboka ny Tawàf, dia atsahatra ny Talbiyah. Manaovana Idtibà' (fanokafana ny soroka ankavanana), izany hoe : Ampidirina eo ambanin'ny ila-kelika havanana ny tapany afovoan'ny lamba Ihràm ary apetraka eo amin'ny soroka ankavia kosa ny tendrony faharoa. Aorian'ny Tawàf, averina amin'ny fanaony teo aloha ny lamba satria atao amin'ny Tawàf ihany ny Idtibà'.





Manatona ny Hajar Al-Aswad (vato mainty) ka mitazona izany amin'ny tànany havanana sy manorika azy, fa raha tsy afaka hanorika azy kosa izy dia mitazona azy ihany ary horofany ny tànany, fa raha mbola tsy afaka mitazona izany amin'ny tànany izy dia izay zavatra eo aminy no akasikany aminy toy ny tehana sy izay rehetra toy izany, ary iny zavatra iny no horofany. Fa raha mbola tsy afaka manao izany rehetra izany dia ampy ho azy ny mitodika mankany amin'ilay vato ary manondro azy amin'ny tànany, fa tsy mioroka ny tànany. Tsy tokony hifanjevo eny amin'ilay vato mainty ka lasa ho sahirana sy hanahirana ny hafa.

---

Rehefa manomboka ny Tawàf amin’ny fikasihana na fanondroana ny Hajar Al-Aswad, dia miteny hoe : (Allah Akbar)

Mandeha manaraka ny ilany havanana ary ataony eo ankaviany ny Kaaba. Rehefa tonga amin'ny Rokn Al-Yamàni (ilay zorony atsimo-andrefana) : Raha azo atao, dia kasihina amin'ny tànana fa tsy horofana. Raha tsy afaka mikitika, dia tsy mila manondro azy na mifanjevo amin'ny olona.

---

Eo anelanelan'ny Rokn Al-Yamàni sy ny Hajar Al-Aswad, dia manao ity vavaka manaraka ity : (Rabbanà àtinà fid-donyà hasanah, wa fil-àkhirati hasanah, wa qinà 'adhàban-nàr)

---

Isaky ny mandalo eo amin'ny Hajar Al-Aswad, dia manondro azy amin'ny tànana ary miteny hoe : (Allah Akbar)

---

Amin'ny ankapobeny, mandritra ny Tawàf dia azo atao ny miteny tonombavaka rehetra, toy ny : Fahatsiarovana an'Allah (dhikr). Vavaka sy fangatahana (doà') Famakiam-boky Masina Kor'any

---

Sonnah ho an'ny lehilahy ny manao dia mmaika amin'ny fiodinana telo voalohany amin'ny Tawàf. Ny Dia maika dia ny fandehanana haingana miaraka amin'ny dingana fohy (tsy mihazakazaka tanteraka). Fa ny amin'ny fiodinana efatra farany amin'ny Tawàf, dia mandeha ara-dalàna toy ny mahazatra, tsy manao dia maika.



Rehefa tapitra ny fanaovany Tawaf dia manatona ny Maqàm Ibràhìm (Toeran'i Ibrahim) ary mamaky ity andininy masina ao amin'ny Kor'an ity :

﴿...وَاتَّخِذُوا مِنْ مَقَامِ إِبْرَاهِيمَ مُصَلًّى...﴾،

(Wa-ttakhidhò min Maqàmi Ibràhìma màsallà) [ Al-bakarat: 125 ]. Avy eo dia mivavaka roa rak'ah eo aorian'ny Maqàm Ibràhìm raha azo atao. Raha feno olona, dia azo atao amin'ny toerana hafa ao amin'ny Masjid Al-Haràm. Aorian'ny soratol-fatehah eo amin'ny raka'ah voalohany dia mamaky ny :

﴿قُلْ يَا أَيُّهَا الْكَافِرُونَ﴾

(Qol yà ayyohal-kàfiròn) [Al-kàfiròn:1] Amin'ny raka'ah faharoa, rehefa avy mamaky Al-Fàtihah, dia mamaky :

﴿قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ﴾

( Qol howallàho ahad ) [Al- Ikhlas : 1]

## Fomba fanaovana Sa'iy (fivezivezena eo anelanelan'i Safà sy Marwah)

Rehefa vita ny Tawàf sy ny vavaka roa rak'ah dia mizotra mankany amin'ny toerana fanaovana Sa'iy. Rehefa manakaiky an'i Safà, dia mamaky ity andininy masina ao amin'ny Kor'any ity :

﴿إِنَّ ٱلصَّفَا وَٱلْمَرْوَةَ مِن شَعَآئِرِ ٱللَّهِ...﴾

(Innas-Safà wal-Marwata min sha'à'iri-llàh) [Al-Bakarat : 158 ] Avy eo miteny hoe : "Abdao bimà badaa-llàho bihi." (Hanomboka amin'izay nanombohan'Allah azy aho.)

«أَبْدَأُ بِمَا بَدَأَ اللهُ بِهِ».

"Izay anombohan'i Allah no anombohako azy"[12].



12- Notantarain'i Moslim, Laharana (1218).

Avy eo dia miakatra amin'ny Safà izy mandra-pahitany ny Kaaba na ny làlana mankany aminy, ka mitodika makany aminy, manao ny tonom-bavaka maneho ny maha tokana an'Allah sy maneho ny maha lehibe Azy miteny hoe : là ilàha illallah wahdaho la sharìk laho, lahol-molk walahol-hamdo, wahoa a'là kolli shayi' qadìr, là ilàha illallah wahdah, anjaza wa'daho, wa naswara a'bdah, wa hazamal ahzàba wahdaho" Mamerina izany intelo izy ary mangataka amin'io fotoana io."

«لَا إِلَهَ إِلَّا اللهُ وَحْـدَهُ لَا شَرِيـكَ لَهُ، لَهُ الْمُلْـكُ وَلَهُ الْحَمْـدُ، وَهُـوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيـرٌ، لَا إِلَهَ إِلَّا اللهُ وَحْـدَهُ، أَنْجَـزَ وَعْـدَهُ، وَنَصَرَ عَبْـدَهُ، وَهَـزَمَ الْأَحْزَابَ وَحْدَهُ ، ثُمَّ دَعَا بَيْنَ ذَلِكَ قَالَ مِثْلَ هَذَا ثَلَاثَ مَرَّاتٍ.

Là ilàha illallàho wahdahò là sharìka lah, lahol-molko walahol-hamdo, wa howa ‘alà kolli shay’in qadìr. Là ilàha illallàho
wahdah, anjaza wa’dah, wa nasara ‘abdah, wa hazamal-ahzàba wahdah. (Avy eo dia nanao vavaka teo anelanelany izy (dia ilay olona niteny izany), namerina izany intelo

---

Avy eo dia midina avy amin'ny Safà mankany amin'ny Marwa izy, Rehefa tonga eo amin'ny famantarana maitso dia mihazakazaka kely izy. Rehefa tonga amin'ny famantarana maitso faharoa dia mandeha tahaka ny mahazatra indray. Tsy mihazakazaka kosa ny vehivavy.

---

Rehefa tonga amin'ny Marwa izy, dia asaina manao tahaka izay nataony teo amin'ny Safà indray (araka ny andininy faha-2)

---

Avy eo dia midina avy amin'ny Marwa mankany amin'ny Safa izy, ampandehanana, Rehefa tonga amin'ny famantarana maitso dia mihazakazaka mafy (sa'i). Rehefa tonga amin'ny famantarana maitso faharoa dia



ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

Toy izany hatrany mandra-pahatanterany fifevivezena im-pito, Ny fandehanana avy amin’ny Safa mankany amin’ny Marwa dia iray, ary ny fiverenana avy amin’ny Marwa mankany amin’ny Safa dia iray ihany koa.

Mandritra ny sa’i dia afaka miteny izay fiderana sy vavaka tiany, ary mamaky teny masina.

**Fahadimy : Ny fomba fansolàna sy fanapahana volo :**

Rehefa vita ny tawàf sy ny sa’i nataon’ny mpanao Omrah, dia tsy maintsy ho solaina tanteraka ny volony na anapahana amin’izany raha lehilahy. Ny sonna dia ny fanasolana na ny fanaovana azy ho fohy amin'ny loha rehetra.

Ny fanasolana ny volo dia tsara kokoa noho ny fanafohezana azy, raha tsy hoe akaiky ny fotoana hanaovana ny Hajj ka tsy hahavita hampaniry volo indray; amin’izay fotoana izay dia tsara kokoa ny manafohy fotsiny.

Fa ny vehivavy kosa, dia manapaka amin’ny tendron’ny volony eo amin’ny halavan’ny anjombona.



# Zava-boarara mandritra ny Ihram

**Ireto avy ny zavatra voarara amin'ny ihram :**

Fanasolana na fanapahana ary fanongotana volo, na aiza na aiza amin'ny vatana.

Manapaka hoho, na amin'ny tongotra na amin'ny tànana, izy rehetra na ampahany.

Mandrakotra ny loha amin'ny zavatra miraikitra aminy, toy ny satroka, ny lamba famaohana, ny kilemba, na fametrahana eny an-doha ny lamba firakotra, ny mosoara, ny bodofotsy, na zavatra hafa izay natao handrakofana ny loha. Ity fandrarana ity dia mihatra amin'ny lehilahy ihany, fa tsy amin'ny vehivavy.

Tsy azo atao ny manao akanjo mahazatra izay voaendrika manaraka ny vatan'olombelona, toy ny akanjo feno (robe), pataloha, lobaka, ba kiraro, ary fonon-tànana. Ho an'ny lehilahy izany, fa ny vehivavy kosa dia voarara aminy ireto manaraka ireto :

Manao nikàb na borkà (sarona manarona tarehy misy banga ho an'ny maso) na litham (sarona mitovitovy amin'ny nikàb). Tokony hanarona ny tarehiny amin'ny lamba mahazatra rehefa eo anatrehan'ny lehilahy vahiny, na dia mikasika ny tarehiny aza ilay saron-tava. Tsy azony atao ny manao fehikibo na zavatra hafa amin'ny loha mba tsy hikasihan'ny sarony izany eny amin'ny tarehy, noho ny tsy fisian'ny porofo ara-dalàna manamarina izany.

Voarara amin'ny vehivavy ny manao fonon-tànana, saingy tsy maintsy manarona ny tànany amin'ny alàlan'ny abaya rehefa eo anatrehan'ny lehilahy vahiny.

Manao ranomanitra amin'ny vatana na amin'ny lamba fitafin'ny ihram.

Mamono na mihaza biby an-tany, na dia tsy mamono azy aza fa maka azy velona.

Mangata-bady ho an'ny tenany na ho an'ny hafa.

Manao fanambadiana.

Ny fifampikasohana amin'ny vady evelan'ny taovam-pananahana noho ny fitadiavana fahafinaretana, toy ny oroka na safosafo arahina fahafinaretana.

Firaisana ara-nofo : fidirana amin'ny fivaviana.

# Famintinana ny asan’ny Omrah (atao amin’ny fonony na amin’ny pejy farany)

Fandroana

Fanaovana ranomanitra.

Mitafy ny fitafiana Ihràm.

Ihràm izany dia fikasana hiditra amin'ny nosok (fanompoana)

TALBIYA (Labbayka Allahumma Labbayk).


Fiodikodinana manodidina ny Kaaba.

Mivavaka rak’a roa aorian’ny makàm Ibrahim.

Fivezivezena eo anelanelan’ny Safà sy Marwa.

Fanasolana ny volo na fanafohezana azy.

Allah no mahalala ny marina. Fiadanana sy fitahiana anie ho an’i Mpaminany Mohammad



# Fanoroam-pejy


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 3 |
| Voalohany : Fepetra takina  mba havoaray ny fanompoana | 4 |
| Faharoa : Ny didy momba ny fianarana ny fombafomba sy ny fitsipiky ny Omrah | 5 |
| Fahatelo : Ny maha zava-dehibe ny Omrah | 6 |
| Ny fomba fatao amin'ny Omrah | 7 |
| Voalohany : Fitsipika mahakasika ny "Mawaqit" | 8 |
| Faharoa : Ny fitafiana Ihràm sy ny lalàna mamehy azy | 10 |
| Fahatelo : Fomba fanaovana Tawàf | 12 |
| Fomba fanaovana Sa'iy (fivezivezena eo anelanelan'i Safà sy Marwah) | 15 |
| Fahadimy : Ny fomba fansolàna sy fanapahana volo | 17 |
| Zava-boarara mandritra ny Ihram | 18 |
| Famintinana ny asan'ny Omrah (atao amin'ny fonony na amin'ny pejy farany) | 20 |

# تعرف على الإسلام

## بأكثر من 100 لغة

موسوعة القرآن الكريم
QuranEnc.com

ترجمات متقنة لمعاني القرآن الكريم بأكثر من (75) لغة

بيان الإسلام
byenah.com

مواد منتقاة للتعريف بالإسلام وتعليمه بأكثر من (120) لغة

موسوعة الأحاديث النبوية
HadeethEnc.com

ترجمات متقنة للأحاديث النبوية وشروحها بأكثر من (60) لغة

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

مواد منتقاة للحجـــاج والمعتمرين و الزوار بلغات العالم

جامع المحتوى الإسلامي باللغات
islamcontent.com

مواد إسلامية متنوعة وشاملة بأكثر من (125) لغة

موسوعات وخدمات إسلامية باللغات
s.islamenc.com

للمزيد
من المواقع الإسلامية
بلغـــات العـــالم

ضيوف الرحمن
hajjumrh.com

جمعية خدمة المحتوى
الإسلامي باللغات